

**KABARIN'ANDRIAMATO A DIDIER RATSIRAKA
FILOHAN'NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
NY FAHA-31 DESAMBRA 1997**

Ry vahoaka Malagasy,

Tonga indray ity ilay toka-mahenina toy ny masoandro, mpamangy mihelina toy ny volana, fiandrandra maharitra toy ny kintana, dia ny ASARAMANITRA, famaranan-taona.

Raha afaka fotoana fohy tokoa mantsy dia handao antsika ity taona 97 (fito amby sivifolo) diavina ity ary ho raisina toy ny mahazatra handimby azy kosa ny taona vaovao 98.

Maro ireo faniriana nipololotra tao am-po ka naboraka ho fifampiarahabana tratry ny taona mitsingerina. Tsy tamin'ny rehetra anefa izany no tanteraka satria tsy vitsy ny havantsika rehetra nodimandry ary lahatra sy lalànan'ny fiainana moa izany. Misy foana ny mamy sy ny mangidy, ny soa sy ny ratsy, ka tsy azo anoharana.

Koa ho antsika mbola velona soa aman-tsara kosa dia rariny raha atomboka amin'ny fifampiarahabana tsy maty fo aman'aina izao teninay izao:

Arahaba Tompokovavy, arahaba Tompokolahy fa tojo ny zava-nirina ka nahatody soa ny taona 97 ary ho tahian-janahary ka hitafy fahasalamana mba hahavita soa ny taona vaovao izay efa io mitsidika akaiky dia akaiky io!!!

Tsy maintsy manao soto ranon'akoho anefa isika ka ho enti-miandrandra ny lanitra izany fahasoavana izany satria tsy hery na tanjatsika no maha-isika antsika fa noho ny fitsimbinan'Andriamanitra, koa rariny tokoa ary hitsiny loatra raha isaorantsika noho izany ilay Tsitoha nahary ny zavatra rehetra.

Ary dia mbola apetratsika amin'ny fahasoavany ihany koa ny hahazoantsika rehetra mifagnontsafa tratry ny taom-baovao, rehefa mivalona any amin'ny firaketan'ny tantara izao taona mangoron'entana hiainga izao.

Mbola iandrandranay ny lanitra ihany koa ny ahazoanay mamerina indray izao fomba mahafinaritra ifanatrehan'ny Filohan'ny Repoblika amin'ny vahoaka malagasy tsy vaky volo amin'ny alalan'ny radio sy ny televiziona izao, indrindra tao aorian'ny fahanginanay tsy satry nandritry ny efatra taona lasa izay.

Ry vahoaka malagasy,

Mamelà anay ary ianareo mba haka ampahany kely amin'ny fotoana sarobidinareo, hitsidika anareo isan-tokonam-baravarana ary hanome hafatra fohy mikasika ny raharaham-pirenentsika amin'izao takariva izao.

Folo volana sahady tokoa mantsy izay no nifanaovantsika dina indray, hifampitantana sy hanao mpirahalaha mianala ka ianareo tokenay ary izahay aronareo.

Milaza ny iaraha-mahita izahay raha milaza fa niverina soa aman-tsara ny fitokisan'ny mpamatsy vola an'i Madagasikara amin'izao fotoana izao ary afaka ny karazana sazy nihatra tamintsika.

Na ny "FMI" sy ny "Banque Mondiale", na ny varotra iombonana Eoropeana, na ny "Caisse française pour le développement", ny "Club de Paris", na ny OPEP, ny US AID, na ny fifandraisana

amin'ny Firenena samy Firenena, ny Japoney, ny Frantsay, ny Sinoa, ny Alemà, sns, sns... dia efa mifarimbona amintsika avokoa hampandroso ity Firenena ity.

Tsy hivalampatra amin'izany etoana izahay fa mbola hisy ny fotoana hiresahantsika misimisy kokoa momba izany.

Fa ny hany tianay hosoritana tsara anio dia ity :

Voalohany : Manampy antsika ary manaja sy manome voninahitra antsika ny Firenen-kafa sy ireo mpamatsy vola antsika. Koa isika anateran-tsira indray ve no tsy hahay mahandro? Isika indray ve no tsy ho tia sy hanaja ny antsika ?

Ohatra vitsivitsy no omena etoana :

a)- Avy amin'ny "Banque Africaine de Développement" sy ny "Fonds Africain de Développement" (banky sy tahiry afrikàna momba ny fampandrosoana), dia efa azontsika ny vola mitentina 42 lavitrisa iraimbilanja mahery ho fanarenana ny simba tamin'ny rivo-doza "Gretelle".

Torak'izany ihany koa ny vola 41 lavitrisa iraimbilanja mahery ho enti-manamboatra ny fefiloha na "digue"-n'i Fiherenana any Toliara. Roso ary ny asa goavana ka tsa mipody koa !

Raha ny sitraponay dia efa nanomboka ela be izany asa goavana izany (asa goavana, hoy aho, satria ny asa fanarenana dia efa nanomboka tokoa) saingy tsy maintsy manaraka ny pitsopitson'ny fandaharanasan'ny mpamatsy vola isika fa tsy afa-mandeha tsy faingana toy ny dian'ondry na dia tsy mahadigny raha ela aza ny malagasy.

b)- Avy amin'ny "CFD" na ny "Tahirim-bolan'ny Fampandrosoana Frantsay" dia vola mitentina 115 tapitrisa francs frantsay no azo ho an'ny lemak'Antananarivo vao tsy ela akory izay.

d)- Tsy mila ambara intsony ny fanampiana betsaka sy mahasahana lafiny maro avy amin'ny "Varotra iombonana eoropeana"...

e)- Farany fa tsy latsa-danja dia vao tapa-bolana lasa izao no natao sonia tany Washington ny fifanarahana mikasika ny famatsiana rano madio ho an'ny Ambanivohitra manerana ny lafy valon'ny Nosy, ka vola mitentina 17 tapitrisa dolara io na 85 lavitrisa iraimbilanja.

Faharoa : Aza adino fa manery antsika hanaraka an-tsakany sy an-davany ny fepetra rehetra takian'ny fifanarahana aminy ireny Tahiry na Banky iraisam-pirenena na ireny firenena sakaiza ireny mba tena hampateza sy hampitombina ny fifampitokisana.

Fahatelo : Araka ny fomba mahazatra anay dia araraotina ny fotoana toy izao mba anatevenana hatrany, arak'izay hahasoa azy, ny fiaraha-mientan'ny malagasy rehetra amin'ny fampandrosoana ny Tanindrazana iombonana.

Fotoana fiaraha-mientana bebe kokoa izao fotoana diavintsika izao, koa hitsiny tokoa raha entanina isika rehetra hahatsapa fa hafatra sarobidy navelan'ny razantsika ny fahatsiarovan-tena ho manana adidy eo amin'ny raharaham-pirenena, fa "Izay be hono no basy, fa izay misaratsaraka dia fasika "

Koa manainga sy manao antso avo amin'ny mpiray Tanindrazana rehetra izahay hampiato ny adilahy politika, mba hiaraha-miatrika ny fahavalo iombonana dia ny fahantrana izany. Tsy miafina amintsika rehetra fa hirifiry iainan'ny maro an'isa io fahantrana io.

Tsy sanatria famohazam-pota-mandry na fanohintohinana ny manaintaina no ilazana an'izany, mazava loatra, satria fantatsika rehetra izao, fa manomboka miarin-doha indray ny toe-karena

malagasy satria tato anatin'ny folo volana monja dia efa mahatratra ny salan'isa 3,7 isan-jato izao ny fitombon'ny harin-karena faobe (taux de croissance économique) an'i Madagasikara, ary misy aza ny mpanadihady vahiny manam-pahaizana momba izany milaza fa efa mihoatra ny 4 isan-jato mihitsy...

Mampisy fanantenana vaovao betsaka ho antsika malagasy izany satria efa mihoatra ny tanjona voafetra tokony ho trararina ao anatin'ny 12 volana, voarakitra ao amin'ny DCPE (Document cadre de politique économique) izay mitaky ny 3 isan-jato monja.

Kanefa, na azo ifaliana aza izany dia ekenay am-panetren-tena koa fa tsy mbola hita taratra any amin'ny vahoaka manontolo, indrindra fa ny eny ambanivolo izany vokatra izany hatramin'izao ka tsy maintsy tohizana ary ifarimbonana ny ezaka satria "Asa vadi-drano, tsy vita raha tsy ifanakonana" ary mitaky ny famongorana ny fitiavan-tena sy ny fampiatona ny adilahy politika.

Izany indrindra no nanosika anay hanasa an'ireo lohandohan'ny mpisorona mpanao politika tratra antso, ho tonga eto amin'ny Lapam-panjakana eto Iavoloha amin'ny Zoma 2 janoary amin'ny efatra ora hariva, mba hifanapatapak'ahitra sy hifampidinika amim-pirahalalahiana aminay momba ny fanitsiana ny Lalam-panorenana.

Ry Vahoaka Malagasy Mpiray Tanindrazana,

Eto am-pamaranana dia averina indray fa manararaotra izao androm-piravoravoana izao izahay, nefa koa androm-pisaintsainana, mba hanentanana hatrany ny malagasy rehetra, hampitsahatra ny fifandrafiana, fa kosa hifanome tana an-kitsipo, hiara-mamongotra izay rehetra manakantsakana ny fandrosoan'i Madagasikara amin'ny lafiny rehetra, ary dia isaoranay sahady izay rehetra hanoina ny antsonay ho amin'ny fanarenam-pirenena.

Misaotra mialoha Tompokovavy, mankasitraka sahady Tompokolahy.

Ho ela velona anie i Madagasikara mitraka !